# MISEHOA HO LEHILAHY

**« Ary rehefa antomotra ny andro hahafatesan'i Davida, dia nandidy an'i Solomona zananilahy izy hoe: Izaho efa handeha amin'ny lalan-kalehan'ny tany rehetra; koa mahereza ianao, ary misehoa ho lehilahy ». 1 Mpanjaka 2 :1-2**

**MISEHOA HO LEHILAHY**

Ny ampitain'i Davida amin'i Solomona zanany dia hoe : Misehoa ho lehilahy.

Hoy ny **1 Korintiana 16 :13 :** *« Miambena ianareo, tomoera tsara amin'ny finoana, aoka hitombandahy, mahereza ».* Hafatra miverimberina io ao amin'ny Soratra Masina : aoka ny lehilahy hiseho ho lehilahy, aoka ny lehilahy hitombandahy fa tsy hitombambavy izany.

Ahoana ary izany lehilahy miseho ho lehilahy izany, ahoana izany lehilahy mitombandahy izany ? Miteny Paoly eto hoe : *« Miambena ianareo, tomoera tsara amin'ny finoana ».* Ilay hoe miambena tsara amin'ny teny grika dia azo adika hoe : aoka ianareo hanana fahazotoana, hanana fahavitrihana ho an'Andriamanitra : lehilahy manana zèle, hanana fahazotoana, hanana fahavitrihana ho an'Andriamanitra, ho an'ny asany.

Dia eo koa, tenenin'i Paoly hoe : *« tomoera tsara amin'ny finoana ».* Ny lehilahy mitombandahy, miseho ho lehilahy, dia lehilahy matotra, tsy miovaova,hoe mbetika mino, mbetika tsy mino ; fa hoe matotra.

Ary ao anatin'ilay hoe « *tomoera tsara amin'ny finoana »*, dia hoe : tsy miovaova koa amin'ny teniny : rehefa eny dia eny ; rehefa tsia dia tsia.

Ary satria Davida no miteny an'izany amin'i Solomona zanany, dia hoe, ny ohatry ny fahamatorana hita eo amin'i Davida koa dia hoe : rehefa manao ny tsy mety, dia manetry tena, dia

miaiky heloka. Izany ny lehilahy miseho ho lehilahy, mitombandahy ry havana :

- Manana zèle ho an'Andriamanitra
- Matotra amin'ny finoana
- Matotra amin'ny teny
- Matotra, ka hoe rehefa nanao ny tsy nety dia miaiky

Fandinihan-tena ho an'ny lehilahy : Efa izany ve ianao ?

Fandinihan-tena ho an'ny vehivavy : Mahafantatra lehilahy ianareo, vady, zanaka, anadahy : mivavaka ho azy ianareo mba hiseho ho lehilahy izy, mba hitombandahy